Blue Ventures Conservation
Ny Fandaharana Vatsim-pianarana momba ny Siansa Malagasy

Manome vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra sy ireo mpikaroka Malagasy any amin'ny toerana iasany any Andavadoaka ny Blue Ventures

Amin'izao fotoana izao ny Blue Ventures dia manome vatsi-mpianarana ho an'ireo teratany Malagasy liana amin'ny fiarovana an-dranomasina, ao anatin'ny **Fandaharana Vatsim-pianarana momba ny siansa Malagasy**. Ity vatsim-pianarana ity dia tokana eto amin'ny faritra andrefan'i Oseana Indiana.

Ny vatsim-pianarana dia miantoka ny dian'ny teratany malagasy hiara-hiasa amin'ny Blue Ventures mandritry ny 6 herinandro any amin'ny Foibeny misahana ny fikarohana sy fiarovana any Andavadoaka, 45 km any atsimon'i Morombe.

Mandritry ny dia any an-toerana, ny mpiofana dia hianatra misitrika an-drano miaraka amin'ny akanjo fisitrihana, hanangona tahirin-kevitra ara-tsiansa ary handrafitra soritrasam-pokonolona momba ny fiarovana. Hianatra ihany koa ny karazana fiarahan'ny tontolo iainana sy ny maha-zava-dehibe ny harena an-dranomasina, salama sy mamokatra.

Izay mpifaninana mahazo ny vatsim-pianarana dia hiara-hiasa amin'ny mpiasa an-tsitrapo avy amin'ny firenena 12 samihafa , izay iandraiketan'ny andiana mpitandron'ny tontolo iainana vahiny, biolozista malagasy ary manampahaizana momba ny sosialy. Mandritry ny 6 herinandro, ilay mpianatra dia mahazo fahaiza-manao momba ny fikarohana eo amin'ny lafiny sosialy sy momba ny zava-mananaina ary ny fahafahana miasa miaraka amin'ny olona avy amin'ny toerana samihafa sy hafa kolotsaina.

Mandritry ny herinandro roa voalohany, ny fianarana dia miompana amin'ny fisitrihana an-drano miaraka amin'ny akanjo fisitrihana sy lesona momba ny famantarana ny tontolo an-dranomasina. Rehefa mifarana ny fiofanana, dia hisy ny fanadinana an-tsoratra sy ny fampihàrana ny lesona (fisitrihana). Ny tanjona dia ny hampitoviana ny fahalalana eo amin'ireo mpiasa rehetra mandalo any an-toerana. Ny efatra herinandro farany dia atokana hanaovana asa fikarohana momba ny biolozia sy ny asa sosialy izay heverin' ny mpiasa eny an-toerana ho manana laharam-pahamehana.

"Tiako ny mankasitraka etoana an'ny BV nohon'ny nanomezany ahy ny fahafahana miara-miasa aminy. Izaho dia tena liana amin'ny fiarovana ny harena voajanahary eto Madagasikara ary faly tokoa aho afaka niasa ho amin'ny fiarovana an-dranomasina. Betsaka ny zavatra nianarako nandritry ny fotoam-pianarana. Nahazo namana vaovao betsaka aho. Tena nampitolagaga sy mahafinaritra! Amin'izao fotoana izao aho dia manana namana eran'izao tontolo izao! Inoako fa ny traikefa noratoviko tany dia hanampy ahy amin'ny asako amin'ny ho avy."

Bakoly Andrianaivoravelona, mpianatra malagasy amin'ny Haizavamaniry, Oniversite an'Antananarivo ary nahazo ny vatsim-pianarana nomen'ny Blue Ventures tamin'ny Septambra 2005.

Maro ny tetikasa momba ny fiarovana sy ny fampandrosoana maharitra ataon'ny Blue Ventures ka ny mpiasa tsirairay mandalo any an-toerana dia ampirisihana hifidy izay tetikasa mahaliana azy.

Ny Fandaharanasa

Ny Blue Ventures dia fikambanana angilisy mpanao asa soa misahana fiarovana. Ny toerana hanatanterahany tetikasa eto Madagasikara dia any amin'ny faritra atsimo andrefana, toerana misy ny vatohara mitomandavana ary mitàna ny laharana fahatelo eran-tany. Ny ranomasina any an-toerana dia mirakitra karazan-javamananaina aman-jatony ary miantoka ny fiveloman'ireo tompontany, Vezo. Ny harena an-dranomasina any an-toerana dia antoky ny sakafon'ny mponina, ny fitaterany, ny fidiram-bolany ary koa mandrafitra ny kolotsainy.

Ireo harena an-dranomasina dia tandindomin-doza maro noho ny fitombon'ny mponina haingana any amorontsiraka sy noho ny fitrandrahana ny ranomasina amin'ny alàlan'ny jono iraisam-pirenena mba hampiroboroboana ny fanondranana. Taona vitsy lasa izay, ny mpanjono eny an-toerana dia nitaraina noho ny fihenan'ny ny habe sy ny isan'ny hazany. Tamin'ny 2004, ny Blue Ventures dia niara-niasa tamin'ny mpanjono tao amin'ny tanàn'Andavadoaka, nanangana toeram-piarovana an-dranomasina ho an'ny orita, izay tantanan'ny mponina, seho voalohany eran-tany. Ny tetikasa dia miantoka ny fahelan'ny fahaveloman'ny orita ary ny mpanjona dia mahazo haza lehibe tokoa. Fahombiazana no setrin'ny tetikasa hany ka ny mpitondra fanjakana dia nanapa-kevitra ny hampiasa azy ity ho modely, apetraka any amin'ny toerana maro eto Madagasikara.

Amin'izao fotoana izao, ny Blue Ventures dia miara-miasa amin'ny fokonolona, ny Fikambanana Iraisam-pirenena tsy Miankina sy sampandraharaha malagasy maro amin'ny fametrahana toeram-piarovana lehibe iray any amorontsiraka atsimo andrefan'ny Madagasikara. Io toeram-piarovana io dia manana velarana 800 km^2 (valonjato kilaometatra tora-droa) ary mahakasika fokontany/tanàna 21. Olona mahatratra 10.000 no mahazo tombontsoa amin'ny tetikasa , izay miaro ny vatohara, ny ala-Honko, ny ahidrano ary ireo toeram-ponenana an-dranomasina tandindomin-doza.

Anisan'ireo mpiara-miasa amin'ny tetikasa ny Wildlife Conservation Society, ny Ivotoerana momba ny Jono sy ny Siansa an-dranomasina (IHSM) ary ny komity mpitantantana izay mampifandray ny manampahaizana sy ny fokonolona. Ny fokonolona dia mandray anjara amin'ny dingana rehetra voakasiky ny soritrasa fiarovana, manomboka amin'ny asa fikarohana ka hatramin'ny fanatanterahana ny drafitrasa fitantanana. Ny komity Mpitantana dia nifidy ny anaran'ny tambazotra: Velondriake, izay midika hoe "Velona miaraka amin'ny Ranomasina"

Ambonin'ny asa fiarovana ny zaa-voary (biodiversity) sy ny antom-pivelomana, ny tambazotra dia mampitombo ny fahatsapan'ny fokonolona ny ilàna ny fiarovana ny tontolo iainana, mampiely ny fahaizana amin'ny fikajiana ny zaa-voary eny an-toerana sy eo amin'ny firenena ary atao modely fakan-tahaka ho an'ny asa fiarovana, ny fandrosoana eo amin'ny lafiny ekonomika, ny fitondrana eran'i Madagasikara sy any an-tany hafa.

Ny tanjon'ny Velondriake dia mikatsaka ny hanome tombontsoa ny fokonolona ao anatin'ny tambazotra amin'ny alàlan'ny fanamafisana orina ny fahaizan'ny mponina eny an-toerana amin'ny maha-mpitantana ny harena voajanahary azy, ahafahany mametraka ny rafim-pitantanan'ny harena voajanahary hanohanana ny kolotsaina eny an-toerana sy ny fomba fivelomana.

Ny vatsim-pianarana dia mikasika ny :

- Fiantohana ny dia mandroso sy miverina Toliara- Andavadoaka (Ny mpiadina dia mamonjy ny mpiara dia aminy any Toliara)
- Sakafo sy fatoriana any an-toerana (Ny mpiadina dia mitondra vola hividianana rano fisotro sy sakafo maivana)
- Fianarana mandritry ny telo herinandro momba ny tekinikam-pikarohana an-dranomasina sy ny asa fanadihadiana eny an-tsaha
- Fiofanana amin'ny misitrika an-drano amin'ny akanjo fisitrihana ary ny fanamarinana ho amin'ny PADI, fahaizana rano avo lenta
- Fampiasana ny akanjo fisitrihana sy ny fitaovana aro-tava mandritry ny enina herinandro
- Fiantohana amin'ny fisitrihana an-drano amin'ny akanjo fisitrihana, amin'ny DAN International

Ny fepetra takiana amin'ny mpiadina :

- Liana amin'ireto sehatra manaraka ireto (iray na izy rehetra) fiarovana an-dranomasina, politika an-dranomasina, haifandaharana an-dranomasina, ny lafiny sosialin'ny fiarovana
- Mahay milomano tsara, salama (ny mpiadina rehetra dia tsy maintsy mandalo fitsapa-pahaizana lomano alohan'ny hanomezana azy alàlana hisitrika)
- Mahay fiteny sy manoratra amin'ny teny angilisy, ny fampianarana sy ny fitsapam-pahaizana rehetra dia amin'ny fiteny angilisy (fitsapana teny 500 no ilaina mba hahafahana mamaly ny fepetra, ny fanadinana am-bava/dinidinika dia azo alamina)
- Ny andinindinin'ny momba ny tenany (curriculum vitae) farany indrindra
- Manana mari-pahaizana bakalorea sy nahavita fianarana roa taona teny amin'ny oniversite (mila fanamarinana)
- Manolotra ny fotoam-piofanana izay eritreretiny ho atrehana (arakaraka ny haneken'ny mpiadina ny fandaminana ataon'ny Blue Ventures no

ahafahan'ity farany manapaka ny fandaharam-potoana)

- Rehefa tapitra ny fe-potoana nahazoana vatsim-pianarana, ny mpiofana dia tsy maintsy mameno ny taratasy verim-pifandraisana (feed-back) mba hanombanana ny traikefa momba ny dia.

Ny dia dia manomboka amin'ireto daty manaraka ireto:
04/01/08 – 14/02/08
17/02/08 – 28/03/08
01/04/08 – 12/05/08
16/05/08 – 26/06/08
29/06/08 – 09/08/08
13/08/08 – 23/09/08
26/09/08 – 06/11/08
10/11/08 – 21/12/08

Ny fanapaha-kevitra dia fantatra, efatra herinandro mialoha ny dia.
Ny fangatahana ho mpiadina dia alefa amin'izao adiresy manaraka izao :
Madagascar@blueventures.org

Na:
Blue Ventures Scholarships
52 Avenue Road
London N6 5DR
England UK

Blue Ventures Conservation
Malagasy Science Scholarship Programme

conservation
education
research

Blue Ventures offers marine conservation scholarships for Malagasy students, graduates and researchers at research site in Andavadoaka

Blue Ventures is currently accepting applications for its **Malagasy Science Scholarship Programme,** a unique and invaluable opportunity to Malagasy nationals with an interest in marine conservation, research and education. This programme is currently **the only scholarship of its kind available in the western Indian Ocean region.**

The scholarship is able to fund up to **18 Malagasy nationals per year to join one of Blue Ventures' marine expeditions,** occurring every six weeks throughout the year at our coastal research and conservation centre in the village of Andavadoaka, some 200km north of Toliara.

Scholarship recipients work alongside approximately 12 international volunteers on each marine research expedition supervised by highly experienced staff comprising of international ecologists, Malagasy biologists and social scientists. Specific training and skills development programmes are incorporated into the Scholarship, through lectures, group workshops and practical assignments.

Over the six-week scholarship period, scholars gain invaluable biological and socioeconomic research experiences, as well as the opportunity to work with an international team from a variety of backgrounds and cultures.

The first two weeks of the programme are filled with an intensive SCUBA diving course (to PADI Advanced Open Water Diver level), as well as an intensive training course in marine and conservation science. This course includes a series of marine identification lectures. At the end of this training period scholars undergo written and field examinations to ensure a uniform knowledge base for all expedition members.

The remaining four weeks of each expedition are spent carrying out monitoring SCUBA dives at coral reef sites in the region. In addition, Scholars are encouraged to take an active role in a variety of conservation and sustainable development projects at the site. Information about these can be found on the research pages of our website: www.blueventures.org.

> *"I would like to express my gratitude to BV for giving me the opportunity to get to Andavadoaka. I am extremely concerned about conservation of Madagascar's natural resources and I was delighted to have the opportunity to get involved in marine conservation. I learned a lot during this course. Making new friends was fantastic and interesting as well - I now have friends from all over the world! Such an experience will certainly help me in my future career."*
>
> **-- Bakoli Andrianaivoravelona, student of Botany at the University of Antananarivo and Blue Ventures scholar, September 2005**

Background

Blue Ventures is an award-winning UK-based marine conservation charity. Its project site in Madagascar is located in the remote southwest of the country, adjacent to diverse marine and coastal habitats which not only support thousands of marine species, but are also essential to the survival of the indigenous Vezo people who rely on healthy marine resources for food, transport, cultural identity and income.

These resources, however, are facing severe threats from climate change and unsustainable fisheries. Blue Ventures is now working in partnership with local communities and international NGOs to develop an extensive network of marine and coastal protected areas along the southwest coast that will span more than 800-square kilometres and include 25 villages. The project

will benefit more than 10,000 people and protect coral reefs, mangroves, seagrass beds and other threatened habitats.

Among the partners working on the project are the Wildlife Conservation Society - WCS, Madagascar's Institute of Marine Sciences - Institut Halieutique et des Sciences Marines (IHSM) and a community management committee that serves as a liaison between conservation scientists and villagers. Villagers are involved in all phases of conservation planning, from research activities to implementation of management plans. The management committee also selected the name for the network: *Velondriake*, meaning "to live with the Sea."

Along with protecting biodiversity and livelihoods, the network will increase environmental awareness among communities, expand local and national capacity for biodiversity conservation and serve as a model for other community conservation, economic development, and governance initiatives across Madagascar and elsewhere.

Velondriake aims to benefit villages within the network by empowering members of the local communities as managers of their own natural resources, enabling them develop sustainable resource management systems to support local culture and livelihoods.

The BV scholarship includes:

- Round trip travel from Toliara to Andavadoaka (it is the applicant's responsibility to meet costs associated with travel to meet the group in Toliara)
- Six weeks of food and lodging at field site (applicants will need to bring personal money for drinks and snacks while on site)
- Training in:
  - Marine and coastal ecological surveying and monitoring
  - Community-based socioeconomic research and environmental education
  - Participatory approaches to conservation and development
  - Human & ecological impacts of climate change in subsistence communities
- SCUBA training and certification to PADI Advanced Open Water level
- Use of SCUBA and snorkelling equipment for the six weeks
- 12 months DAN international SCUBA insurance

Career Skills Development:

- SCUBA diving and Marine species identification
- Improved communication skills
- Critical analysis, problem solving and strategic planning
- Critical understanding of the challenges of marine conservation and sustainable development

To qualify, the applicant must:

- Have a strong interest in one or many of the following: marine conservation, marine policy, marine taxonomy, social aspects of conservation
- Be a proficient swimmer in good health (all volunteers are required to pass a swim test before they are allowed to dive)
- Speak and write in competent English. All courses and tests will be in English (a 500 word proposal will be required to meet this requirement, and personal interviews may be arranged)
- Provide recent Curriculum Vitae or Resumé
- Have achieved a minimum educational level of Baccalaureate along with 2 years of university study in environmental or social sciences
- Identify the expedition dates that he/she would prefer to attend (the more flexibility one has, the more likely Blue Ventures will be able to accommodate – date lists for 2008 are available below and on the Blue Ventures website).
- At the end of the scholarship, the student must complete a comprehensive feedback form evaluating experiences of the expedition

Expeditions begin on the following dates:

04/01/08 – 14/02/08
17/02/08 – 28/03/08
01/04/08 – 12/05/08
16/05/08 – 26/06/08
29/06/08 – 09/08/08
13/08/08 – 23/09/08
26/09/08 – 06/11/08
10/11/08 – 21/12/08

Decisions will be made four-twelve weeks before the expedition is to begin.

Please send applications and any enquiries by email to madagascar@blueventures.org

Or to: Blue Ventures Scholarships
52 Avenue Road
London N6 5DR
England
UK